

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Grands Champs

Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

Fanompoam-pivavahana

Culte de célébration de l'Éternel Dieu

Jubilé – 25^{ème} Anniversaire du

ministère pastoral de

Pasteure Emma et son époux Lucien Randrianandrasana



Ny fahasoavan'Andriamanitra no naha toy izao ahy; ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko 1 Korintiana 15, 10a

Ce que je suis, je le dois à la grâce de Dieu et Sa grâce à mon égard n'a pas été vaine. 1 Corinthiens 15, 10a

Ce 04 décembre sabotsy 10 ora –

Paroisse FPMA Grands Champs - Paris - 47 rue Dulong - 75017 PARIS www.fpma-grandschamps.org

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Grands Champs

Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

Ho Fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra

..Mitoriteny (Prédication)

Dr Rév Seth Andriamanalina Rasolondraibe, Mpitandrina Synodaly, Filohan'ny FPMA

..Mitarika ny Fanompoam-pivavahana (Office) Pasteur Théodore Raphaël

Randriamanantena Mpitandrina Mpandrindra ny FPMA Faritany FAFATS

..Mitarika ny Vavaka Fisaorana sy Fangataham-pitahiana miaraka amin'ny mpiara-manompo (Intercession) : Andriamatoa Jeannot Randrianandrasana Mpitandrina Filohan'ny FMM (Pastorale, Fiaraha-Miasan'ny Mpitandrina FPMA)

..Mampiditra Antsam-Panahy - Concert Spirituel

.Pasteure Radolalao Andriamaheninjafy Mpitandrina mpiahy AMF FAFATS

(vavaka sy Textes)

- 1a/ Pasteur Solohery Raobinarison Mpitandrina FPMA Paris vavaka hampahazava n Teny
- 1b/ Pasteur Zaranaina Andrialampison Mpitandrina FPMA Vincennes TT Salamo 27
- 1c/ Ramatoa Noro Randriamaro Filoha SVK Iraisana TV - 1 Korintiana 15, 1- 10a
- 1d/ Ramatoa Domoinaniaina Razafimahefa Filoha SVK Iraisana FAFATS Lioka 17, 7-10
- 1e/ Andriamatoa Andriamanganiaina Rabenasolo SLK FPMA GC Fanekem-pinoana faha 2
- 1f/ Ramatoa Cendra Rakotoarimanana Filoha SA FPMA Grands Champs Paris : Vavaka ho an'ny ankizy rehetra sy ny Sekoly Alahady

2/ Vavaka Fisaorana sy Fangataham-pitahiana

2-1 / Pasteur Jeannot Randrianandrasana Filohan'ny FMM eo amin'ny mahakasika ny Toriteny sy ny Fiangonana FPMA

2-2 / Pasteure Josiane Raveloson mpitandrina mpiahy ny Sampana SVK Iraisana no hivavaka ho an'ny Firaisam-Piangonana, ohatra ny FPF, FFKM ary Fiangonana eran-tany.

2-3 / Andriamatoa Matthieu Razafimandranto solotena diakona FPMA Grands Champs Paris

2-4 / Pasteure Landy Andrianavelaso mpitandrina ny Tafo FPMA Port Royal Arago hivavaka ho an'ny vahoaka sahirana, ny marary sy azom-pahoriana. **Port Royal Arago no niasanay 9 taona.**

2-5 / Ny Sampana Tily FPMA Grands Champs Paris no hanao vavaka ho an'ny Mpitandrina rehetra sy ny atao jobily mbamin ny ankohonany avy.

FEON – JAVAMANENO

- Musique prélude -

- Entrée des Pasteurs et des intervenants -

Mpitarika - Officiant

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka
ary ny Fanahy Masina.

Au nom du Père, du Fils et du Saint Esprit.

Fiangonana – Assemblée

Amen !

Anjara hiran'ny

Sampana Tanora Kristiana Iraisana

Section Jeunes Chrétiens de la FPMA

STK

FIFAMPIARAHABANA APOSTOLIKA

- SALUTATIONS APOSTOLIQUES -

Ho an'izay rehetra malalan'Andriamanitra sady voantso no masina : ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. Amen

Vous tous que Dieu aime et qu'il a appelés à vivre pour Lui. Que Dieu notre Père et le Seigneur Jésus Christ vous donnent la grâce et la paix ! Amen

Romains 1, 7

FIDERANA

-Louange-

SALAMO

Psaume 150

Mpitarika (Officiant) :

Haleloia. Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitoerany masina. Miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny. Miderà Azy noho ny asany lehibe; miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny.

Louez le Seigneur ! Louez Dieu dans Son sanctuaire ! Louez-Le dans la voûte céleste où se déploie Sa puissance ! Louez-Le pour Ses hauts faits ! Louez-Le selon l'immensité de Sa grandeur !

.../...

Fiangonana (Assemblée) :

Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara;
Miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga. Miderà
Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy;

*Louez-Le au son de la trompe ! Louez-Le avec le
luth et la lyre ! Louez-Le avec le tambourin et
avec des danses !*

.../...

Mpitarika (Officiant):

Miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina. Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno; miderà Azy amin'ny kipantsona tsara feo.

Louez-Le avec les instruments à cordes et le chalumeau ! Louez-Le avec les cymbales sonores ! Louez-Le avec les cymbales de l'acclamation !

.../...

NY REHETRA

Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia.

*Que tout ce qui respire loue le Seigneur !
Louez le Seigneur !*

Amen

Hira FFPM 171 / 1

1. Jeso, Mpanjaka malaza, no Tompo Mpanjakanay;
Mahery sy tsara indrindra, ka Izy no aronay.
Mendrika hankalazaina noho ny heriny;
Eran-tany sy lanitra koa ny zo aman-dazany.

*Oh, Jésus, béni soit le Seigneur merveilleux; car par Ta grâce,
Tu nous convoques, acceptes nos louanges et écoutes nos
prières. Oh, Jésus, notre Roi Ta puissance et Tes grâces sont
célébrées dans tout lieu, dans les cieux, sur la terre entière,
partout et en tout temps.*

Hira FFPM 171 / 1

Ry Tompo Mpanjaka mahery ô!
Mihainoa ! Mihainoa ! Avy manaiky tokoa izahay
fa Tompon'ny hery rehetra lanao,
Tsy misy mihitsy ny toa Anao,
Tsy tratry ny saina ny herinao;
Ny fiderana 'zay entinay, Raiso re !
Ny haja atolotra Anao ety, Raiso izao !

Oh, Seigneur Roi, écoute nos prières ! Ta puissance dépasse toute autre forteresse si haute soit-elle et aucune comparaison ne peut être envisagée entre Toi et un autre. Veuille accepter nos louanges et nos remerciements !

VAVAKA FIHAONANA
SY
FIDERANA

- Prière d'adoration et de louange -

- Fahanginana -

- Silence -

Sitrapon'Andriamanitra

Volonté de Dieu

Ry Havana Malala, henoy amim-panajana ny teny manambara sitrapon'Andriamanitra amintsika.

Dieu nous dicte Sa volonté !

Rendons-nous attentifs à ce qu'il nous dit !

Sitrapon'Andriamanitra

Volonté de Dieu

Manekè ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon'ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin'ny fifaliana, fa tsy amin'ny fisentoana; fa tsy hahasoa anareo izany. Amena

Obéissez à vos dirigeants et soyez-leur dociles ; car ils veillent personnellement sur vos âmes, puisqu'ils en rendront compte. Ainsi pourront-ils le faire avec joie et non en gémissant, ce qui ne tournerait pas à votre avantage.

Hebreo 13, 17

- **Fandinihan-tena** -

Auto - réflexion

VAVAKA FIFONANA
SY
FIAIKEN-KELOKA

*- Prière de repentance
et de confession des péchés -*

Vavaka fifonana sy fiaiken-keloka

Prière de confession des péchés et de repentance

(Vavaka...)

Fiangonana : Ry Rainay be famindrampo o, mitalaho aminao izahay. Mamelà ny helokay. Diovvy izahay ho afa-pahotana. Sasao izahay mba ho afa-keloka. Ary havaozy ny fanahinay, mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao . Amen

Oh Père miséricordieux, dans Ta bonté, efface nos péchés. Épargne le peuple que Tu as racheté par le sang de Jésus Christ. Purifie-nous encore pour l'amour de Ton Fils.

Amen

Hira FFPM 403

Ry Jeso Tompo tsara ô ! He, resy lahatra aho izao,
Fa be ny ratsy vitako mandifotra ny tenako.
Milela-paladia re, fa efa diso lehibe;
Koseho tsy ho hitanao ny mariky ny otako,
Ampiasao ny indrafo ka mamelà ny heloko!

Oh Seigneur Jésus, Tu es bon et j'en suis convaincu. Quant à moi, j'ai fait beaucoup de fautes pour m'accabler. Je T'en supplie Oh Seigneur, car ma transgression est une grande erreur, veuille effacer les marques de mes péchés, et que Tu restes miséricordieux, pardonne mes péchés !

TENY FAMELAN - KELOKA

- Déclaration du pardon et réconciliation -

Aoka hitsanganana isika : raiso, ry havana malala, ny Teny Famelan-keloka atolotr'Andriamanitra antsika izay milaza ny haben'ny famindrampont'Andriamanitra amintsika ao amin'i Jesoa Kristy, noho ny asan'ny Fanahy Masina nitarika antsika nibebaka marina tokoa eo anatrehan'Andriamanitra .

Écoutez l'annonce du pardon. Nous venons de nous humilier réellement devant Dieu. Le Seigneur Christ renouvelle en nous, soumis au Saint-Esprit, Sa Parole, signifiant notre réconciliation avec le Père.

TENY FAMELAN - KELOKA

- Déclaration du pardon et réconciliation -

Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny zavona, ary ny fahotanao tahaka ny rahona; koa miverena Amiko, fa efa nanavotra anao Aho. Amena

J'ai effacé comme un nuage tes révoltes, comme une nuée, tes fautes ; reviens à Moi, car Je t'ai racheté.

Isaia 44, 22

TENY FAMELAN - KELOKA

- Déclaration du pardon et réconciliation -

Matokia anaka ; voavela ny helokao (Matio 9, 2)
noho ny Anarany Masina ! Miderà ny Tompo!
Amen

*Vos péchés sont pardonnés grâce à Son Saint
Nom ! Louez le Seigneur! Amen*

.../...

TENY FAMELAN - KELOKA

- Déclaration du pardon et réconciliation -

(Hiarahana amin'ny mpiara-mivavaka)

Mpitarika : Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao ;

Fiangonana : nomeny ny Zanany Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.

Amen

Officiant : *Dieu, en effet, a tant aimé le monde*

Assemblée : *qu'il a donné Son Fils, Son unique, pour que tout homme qui croit en Lui ne périsse point mais aie la vie éternelle. Amen*

Jean 3, 16

Anjara hiran'ny

Sampana Vehivavy Kristiana Iraisana

Sampana Lehilahy Kristiana Iraisana

Section Femmes Chrétiennes de la FPMA

Section Hommes Chrétiens de la FPMA

SVK sy SLK

FANKALAZANA

- Célébration, Gloria -

Mpitarika :

Voninahitra ho any amin'ny avo indrindra
ho an'Andriamanitra !

Fiangonana :

Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany
amin'ny olona ankasitrahany !

Amena

*Gloire soit à Dieu au plus haut des cieux
Paix sur la terre pour Ses bien-aimés*

Amen

FEON - JAVAMANENO

- Interlude musical -

VAVAKA

**Hampandrosoan'ny Tompo ny
fanolokoloana amin'ny
Tenin'Andriamanitra azy ireo**

*- Prière pour leur évangélisation
et l'édification de tous -*

ANJARA HIRAN'NY

Sampana Sekoly Alahady SA

NY TENIN'ANDRIAMANITRA

- La Parole de Dieu -

Le pardon de nos péchés est encore assuré par Dieu :

Telle est Sa grâce!

*À présent, Il veut nous donner Sa Parole
et nous venons L'entendre avec joie.*

NY TENIN'ANDRIAMANITRA

- La Parole de Dieu -

Mpitarika

Ho aminareo anie ny Tompo !

Que le Seigneur soit toujours en vous !

Fiangonana

Ary ho amin'ny fanahinao !

Qu'il reste aussi avec ton esprit !

Amena

Amen

VAVAKA HAMPAAHAZAVA NY TENY

- Prière d'illumination -

HIRA FFPM 212 / 1

(Sekoly Alahady hitsangana eo ihany)

Velona sy mahery
ny Tenin'Andriamanitra
Ka na dorana aza
dia tsy ho levona
Ny Sekoly Alahady
dia mivelona aminy

La Parole de Dieu est vivante et puissante. Il est passé le temps de persécution des lecteurs de la Bible. Autrefois, elle a été brûlée. De nos jours, l'école de dimanche se nourrit de cette Parole vivifiante.

FAMAKIANA NY TENY AVY AO AMIN'NY SORATRA MASINA

- Lecture des Écritures Saintes -

Testamenta Taloha (*Ancien Testament*)

SALAMO, *Psaumes 27, 1. 4-5. 14*

Testamenta Vaovao (*Nouveau Testament*)

1 KORINTIANA – 1 Corinthiens *15, 1-10a*

Testamenta Taloha (*Ancien Testament*)
SALAMO, *Psaumes 27, 1a. 4-5. 14*

Jehovah no fahazavako sy famonjena ahy; ...Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan'i Jehovah sy mandinika ny tempoliny.

Le Seigneur est ma lumière et mon salut, ...Je ne demande qu'une chose au Seigneur, mais je la désire vraiment : c'est de rester toute ma vie chez Lui, pour jouir de Son amitié et guetter Sa réponse dans Son temple

. .../...

Testamenta Taloha (*Ancien Testament*)
SALAMO, *Psaumes 27, 1. 4-5. 14*

Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany amin'ny andro fahoriana Izy; hampieray ahy amin'ny fierena ao an-dainy Izy; hanandratra ahy ho eny ambony vatolampy Izy.

Matanjaha ary mahereza fo; eny, mahandrasa ny Tompo !

Alors, quand tout ira mal, Il pourra m'abriter sous Son toit, Il me cachera dans Sa maison, Il me mettra sur un roc, hors d'atteinte. ... Compte patiemment sur le Seigneur ; ressaisis-toi, reprends courage, oui, compte patiemment sur le Seigneur.

Amen

Testamenta vaovao (*Nouveau Testament*)

1 KORINTIANA – 1 Corinthiens 15, 1– 10a

Ary ampahafantariko anareo, ry rahalahy, ny filazantsara izay notoriko taminareo sy noraisinareo sady iorenanareo, izay amonjena anareo koa, raha tananareo tsara araka izay teny notoriko taminareo, raha tsy nino foana ianareo. Fa natolotro anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao : Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra *Masina*,

Je vous rappelle, frères, l'Évangile que je vous ai annoncé, que vous avez reçu, auquel vous restez attachés, et par lequel vous serez sauvés si vous le retenez tel que je vous l'ai annoncé ; autrement, vous auriez cru en vain. Je vous ai transmis en premier lieu ce que j'avais reçu moi-même : Christ est mort pour nos péchés, selon les Écritures. .../...

Testamenta vaovao (*Nouveau Testament*)

1 KORINTIANA – 1 Corinthiens 15, 1–10a

dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina; ary niseho tamin'i Kefasy Izy, dia vao tamin'ny roa ambin'ny folo lahy koa. Rehefa afaka izany, dia niseho tamin'ny rahalahy tsy omby dimam-jato Izy, ny ankamaroan'ireny dia mbola velona mandraka ankehitriny, fa ny sasany efa nodi-mandry. Rehefa afaka izany, dia niseho tamin'i Jakoba Izy, dia tamin'ny Apostoly rehetra.

Il a été enseveli, Il est ressuscité le troisième jour, selon les Écritures. Il est apparu à Céphas, puis aux Douze. Ensuite, Il est apparu à plus de cinq cents frères à la fois ; la plupart sont encore vivants et quelques-uns sont morts. Ensuite, Il est apparu à Jacques, puis à tous les apôtres. .../...

Testamenta vaovao (*Nouveau Testament*)

1 KORINTIANA – 1 Corinthiens 15, 1-10a

Ary faran'izy rehetra, izaho, izay toy ny tsy tonga volana aza, dia mba nisehoany koa. Fa izaho dia ambany indrindra amin'ny Apostoly ka tsy mendrika hatao hoe Apostoly, satria efa nanenjika ny Fiangonan'Andriamanitra aho.

Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy; ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko; ...

En tout dernier lieu, Il m'est aussi apparu, à moi l'avorton. Car je suis le plus petit des apôtres, moi qui ne suis pas digne d'être appelé apôtre parce que j'ai persécuté l'Église de Dieu.

Mais ce que je suis, je le dois à la grâce de Dieu et Sa grâce à mon égard n'a pas été vaine;... Amen

FAMAKIANA NY TENY AVY AO AMIN'NY SORATRA MASINA

- Lecture des Écritures Saintes -

Testamenta vaovao (*Nouveau Testament*)

Filazantsara (*Évangile*)

Lioka 17, 7-10

Testamenta vaovao (Nouveau Testament)
Filazantsara (Évangile)
LIOKA – Lioka 17, 7-10

Ary iza moa aminareo no manana mpanompo miasa tany, na miandry ondry, ka raha tonga avy tany an-tsaha ilay mpanompo, dia hanao aminy hoe: Avia faingana, ka mipetraha hihinana? Fa tsy hilaza aminy kosa hoe va izy: Manamboara izay hisakafoako, ary misikina, ka manompoa ahy ambara-pihinako sy hisotroako; fa rehefa vita izany, dia vao mahazo mihinana sy misotro ianao?

Supposons ceci : l'un d'entre vous a un serviteur qui laboure ou qui garde les troupeaux. Lorsqu'il le voit revenir des champs, va-t-il lui dire : Viens vite te mettre à table ? Non, il lui dira plutôt : Prépare mon repas, puis change de vêtements pour me servir pendant que je mange et bois ; après quoi, tu pourras manger et boire à ton tour. .../...

Testamenta vaovao (Nouveau Testament)
Filazantsara (Évangile)
LIOKA – Lioka 17, 7-10

Moa misaotra izany mpanompo izany va izy, satria nataony izay nandidiany? Dia tahaka izany koa ianareo, rehefa vitanareo izay rehetra nandidiana anareo, dia ataovy hoe: Mpanompo tsy mahasoa izahay; ny tokony ho nataonay ihany no efa nataonay.

Il n'a pas à remercier son serviteur d'avoir fait ce qui lui était ordonné, n'est-ce pas ? Il en va de même pour vous : quand vous aurez fait tout ce qui vous est ordonné, dites :

Nous sommes de simples serviteurs ; nous n'avons fait que notre devoir.

Amen

HIRA LITORJIKA

- Chant liturgique, spontané -

Ray Masina o,
manamasina anay amin'ny fahamarinana,
ny Teninao no fahamarinana.

Amen


*Père saint,
Imprègne nous de vérité, de Ta Parole, qui est vérité.*



ANTOKO MPIHIRA

Antsahabe Fitiavana

« *MISAORA an'i JEHOVAH* »
« *REMERCIEZ L'ÉTERNEL* »



TORITENY

- Prédication -

FANEKEM-PINOANA

***CONFESSIOIN DE FOI N°2
NICEE-CONSTANTINOPLA***

Isika mino an'Andriamanitra Iray, Ray Tsitoha,
Mpanao ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra na
ny hita na ny tsy hita.

Ary an'i Jesoa Kristy Tompo Iray, Zananilahy
Tokan'Andriamanitra, nateraky ny Rainy talohan'izao
rehetra izao, ny Mazava avy amin'ny Mazava,
Andriamanitra tokoa avy amin'Andriamanitra,
nateraka fa tsy natao, miray amin'ny Ray amin'ny
zavatra rehetra;

Izy no nahariana izao rehetra izao. Noho ny amintsika
olombelona sady ho famonjena antsika, dia nidina avy
tany an-danitra Izy, ary nataon'ny Fanahy Masina nofo
avy tamin'i Maria Virjiny, dia tonga olona Izy.

Nohomboana teo amin'ny hazofijaliana ho fanavotana antsika, tamin'ny nanapahan'i Pontio Pilato Izy; nijaly Izy ka nalevina.

Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo araka izay voasoratra Izy.

Niakatra ho any an-danitra Izy, ary mipetraka eo antanana ankavanan'ny Ray; avy any no hiaviany indray amin'ny voninahitra hitsara ny velona sy ny maty, ary ho mandrakizay ny fanjakany.

Isika mino ny Fanahy Masina, Tompo sady mpanome
aina. Izay avy amin'ny Ray sy ny Zanaka ka itsaohana
sy ankalazaina miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka;

Izy dia niteny tamin'ny vavan'ny mpaminany.
Isika mino ny Fiangonana Iray, miorina amin'ny
fanambaran'ny Apostoly ary manerana izao tontolo
izao. Isika manaiky ny batisa iray ho famelan-keloka,
sady manantena ny fitsanganan'ny tena amin'ny
maty ary ny fiainana mandrakizay.

Amen

ANTSAM-PANAHY

- **Prière**
- **Texte 1**
- **Trois chants**
- **Texte 2**
- **Trois chants**

Texte 1

ANTSAM-PANAHY

Concert Spirituel

1- Jesoa (Sampana AMF Iraisana)

2- Entre Tes mains (Sampana AMF Iraisana)

4- Momba ahy Ianao (Sampana AMF Iraisana)

Texte 2

ANTSAM-PANAHY

Concert Spirituel

4- Akaikinao Andriamanitra (Sampana AMF Iraisana)

5- Ranon'Aina (Sampana Fifohazana Iraisana)

6- Faingàna (Sampana Fifohazana Iraisana)

RAHARAHAN'NY FIANGONANA

- Annonces de la paroisse -

RAKI-PISAORANA

- Offrandes -

HIRA FFPM 351

1. Tsy hangina re ny hoby noho ianao ry Ziona;
Fa mimosaka aminao ny fahazavana soa;
Ny fanilom-pamonjena, indro fa torina
Hanazava ny olona tokoa,

Fiv : Mivoaha, asandrato, ny fanevasoanareo
Tsenao re ny mpanjaka fa avy aminao
Ny famonjeny sy ny lova izay atolony anao
Satria hianao dia tsy foiny.

Personne ne peut taire nos louanges envers Toi car la lumière de l'Éternel illumine Sion : lumière pour toutes les nations, lumière de l'Évangile. Sortez de chez vous et élevez vos louanges ! Courrez à Sa rencontre car voici, le Roi de gloire fait Son entrée !.

HIRA FFPM 351

2. Voninahi-panjakana isaloranao,
sy anaram-baovao no iantsoana anao;
Fampakaram-bady, fety, anaingàna anao,
mba ho an'i Kristy, Ilay Tomponao

Fiv : Mivoaha, asandrato, ny fanevasoanareo
Tsenao re ny mpanjaka fa avy aminao
Ny famonjeny sy ny lova izay atolony anao
Satria hianao dia tsy foiny.

*Gloire à l'Éternel et Il te couvre car tu Lui appartiens, étant habitant de
Son royaume. Tu y es convoqué. Il t'appelle par ton nouveau nom;
Alors, viens aux noces du Christ notre Seigneur. Sors de chez toi et élève
tes louanges. Cours à la rencontre du Roi de gloire Qui fait Son entrée !.*

HIRA FFPM 351

3. O, Ry mpiambina tinendry eo ambony manda,
Aza avelanao hangina re ny feonao !
Ka hijoro izao ny mino fa tsy hisy banga
Eo an-tobin'i Jeso Tomponao

Fiv : Mivoaha, asandrato, ny fanevasoanareo
Tsenao re ny mpanjaka fa avy aminao
Ny famonjeny sy ny lova izay atolony anao
Satria hianao dia tsy foiny.

Oh chère sentinelle en pleine mission, que personne ne t'empêche d'élever ta voix pour louer notre Seigneur Jésus. Il accueille tous ceux qui croient en Lui, chacun sera debout éclairé par la lumière de Son Évangile. Sortez de chez vous et élevez vos louanges ! Courrez à Sa rencontre car voici, le Roi de gloire fait Son entrée !.

HIRA Fanampiny F34

1.Tompo Malala ô ! Mpanjakako Ianao.

Tamy aho fa resy lahatra

Noho ny famonjena vitanao. Eny, ry Tompo,
tsy ho haiko adinoina intsony re ny fitiavana nasehonao.

Fiv : Ka anio no hanavaozako ny fanompoko Anao

Fa tsy ho voavaliko izay natolotrao, ny fitiavana natolotrao,

Ka raiso, Tompo, ekeo re sy anjakao ny fiainako ho voninahitrao.

Oh Seigneur Bien-aimé, Tu es mon Roi, je n'oublierai jamais cet excellent événement car Tu m'as convaincu d'accepter tout ce que Tu as accompli pour mon salut. Toute ma vie devient comblée de Ton Amour qui m'enveloppe, là où Tu as souffert : renouvelle en moi Ta grâce afin que je puisse Te servir. Accepte ma vie qui Te glorifie.

HIRA Fanampiny F34

3. Tompo Malala ô ! tsy ho adinoiko intsony ny fitiavana natolotrao (Ny fitiavana natolotrao)

Eny, ry Tompo, ity izaho izay voababonao

Fa vonona hanao ny sitrakao.

Fiv : Ka anio no hanavaozako ny fanompoko Anao

Fa tsy ho voavaliko, izay natolotrao ny fitiavana natolotrao,

Ka raiso, Tompo, ekeo re sy anjakao ny fiainako ho voninahitrao.

Seigneur Bien-aimé Roi, Rédempteur ! Jour de merveilles, Je n'oublierai jamais cet excellent événement : Accepte toute ma vie, comblée de Ton Amour qui m'enveloppe là où Tu as souffert : Toute ma vie devient comblée de Ton Amour qui m'enveloppe, là où Tu as souffert : renouvelle en moi Ta grâce afin que je puisse Te servir. Accepte ma vie qui Te glorifie.

FANOLORANA NY RAKITRA

- *Chant spontané* -

Ry Tompon'ny harena Ô,
fanatitra an-tsitrapo atolotray Anao izao;
Mba raiso ka tahionao. Amena

*Oh Dieu ! Toute richesse T'appartient ! Accepte cette offrande !
Bénis la mission qui est la tienne. Seigneur sanctifie l'offrande que nous
T'offrons pour Te servir.*

Fandraisana ny teny

..FIANAKAVIANA

..BIRAO FOIBE FPMA

..NY FIARAHA-MIASAN'NY MPITANDRINA PASTORALE FMM

..NY FARITANY AFOVOANY ATSIANANA FAFATS

..NY SAMPANA IRAISANA – SOLOTENA IRAY – SECTIONS COMMUNES

..NY TAFO – SOLOTENA

...

...

FPMA GRANDS CHAMPS PARIS – SOLOTENA KOMITIN'NY JOBILY

.. Pasteure Emma Claudine Randrianandrasana

HIRA FFPM 288 / 1 (feony : FFPM 283)

1. Sambatra izay voafidy ho mpiasanao
Ka hanohy ireo adidy 'zay natombokao,
Ho mpitaiza ny fanahy toy ny vitanao
Ho mpiady tena sahy tarikao Jeso.

Heureux ceux qui sont élus pour continuer la mission que Toi, Tu as commencé et accompli Oh Seigneur : proclamer Ton Évangile afin de sauver des âmes jusqu'à la fin de leur vie. C'est pour être des combattants courageux en suivant Ton action Jésus. Tu apprends à Ton peuple comment Te servir sans cesse et avec courage.

VAVAKA FISAORANA
SY
FANGATAHAM- PITAHINA

- Prière d'intercession -

FAMPANDEHANANA

SY

TSODRANO

- Envoi, Exhortation et Bénédiction -

HIRA FFPM 283 / 1, 3 (ireo mpitandrina)

1. Manan-jara ry Jiosy ny mpanomponao,
'Zay natokanao hitondra ny Anaranao;
Nofidiana ho mpitory ny fitiavanao,
Nitokiana ho mpamory ny vahoakanao.

Quel bel héritage : de proclamer Ton amour Oh Jésus et de Te servir, prenant part à Ta mission ! Nous entendons Ton appel; oui nous portons Ton Nom afin que Ton peuple soit réuni vers Toi, nous plaçons notre confiance en Toi Oh Jésus.

HIRA FFPM 283 / 1, 3 (mpitandrina sy Fiangonana)

3. Na ho voky na ho noana ny mpanomponao
Tsy handao ny fanompoana nametrahanao
Sitrakao ny fihafiana ka mba tiako koa :
Zakanao ny tsy fisiana ka zakaiko koa.

*je n'ai aucune crainte d'avoir faim car je m'offre tout entier
pour Te servir. Tu as donné Ta vie avec joie et j'essaierai moi
aussi de me dévouer pour Te donner ce que j'ai en moi, Tu
m'apprends comment tout offrir pour Toi et à tout supporter Oh
Jésus.*

HAFATRA SY TSODRANO

- Envoi et Bénédiction -

HIRA FFPM 283 / 4, 5 (mpitandrina sy Fiangonana)

**4. Tsy ahiko ny handany, holanina koa,
Fa famoizan-tsoa no hany ahefana soa;
na ny saiko na ny aiko, andro, vola koa,
tsy mba misy holalaiko, foiko avokoa.**

je m'offre tout entiers, je n'ai aucune crainte, je Te donnerai ma vie et me dévouerai pour Te servir ma croix, Oui, c'est un héritage : mes moments, mon âme et mon esprit, et toute ma vie, toutes mes richesses, je Te les offres pour proclamer Ton amour Oh Jésus.

HIRA FFPM 283 / 4, 5 (ireo mpitandrina)

5. Nefa raha izaho irery tsy mahefa izao

Fa mangataka ny hery eo an-tànanao!

Aoka ho feno ny Fanahy ny mpanomponao :

Mba ho tena lehilahy (vehivavy) voahosotrao!

Mais je ne peux assumer seul cette mission si je ne Te donne pas ma vie entière afin que Tu la dirige entre Tes mains; et que Tu me combles de la puissance de Ton Esprit pour que Ton oint proclame Ton amour Oh Jésus.

Mpitarika :

Voninahitra ho an'Andriamanitra

Ray sy Zanaka, ary Fanahy Masina, Izay hatramin'ny taloha
indrindra ka ho mandrakizay. Amena.

Mandehana amin'ny fiadanana,
ka manompoa ny Tompo amin'ny Teny sy ny Asa.

Fiangonana :

Isaorana anie Andriamanitra !

Amena

Gloire à Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit !

*Gloire Lui appartenant depuis le commencement
et jusqu'à l'éternité. Amen.*

*Allez dans la Paix et soyez au service du Seigneur,
proclamant la Bonne Nouvelle en paroles et en actes. Amen*

**FEON – JAVAMANENO
SY
VAVAKA MANGINA**

- MUSIQUE POSTLUDE -

*Mpitarika : Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny
Zanaka ary ny Fanahy Masina.*

Fiangonana : AMENA !